## ANDRO FAHA- 2

# ANDRIAMANITRA DIA ANDRIAMANITRA MALALA-TANANA

**<u>Andinin- tSoratra Masina ho tadidiana</u>:** Tia Azy isika satria Izy efa tia antsika voalohany. 1 Jaona 4:19

**Fanontaniana fototra :**

1. Inona no zava-nitranga raha nandao ny lanitra Jesosy mba ho tonga eto amin'izao tontolo izao?
2. Oviana Jesosy no tonga teto amin'izao tontolo izao, Inona no zavatra nialany?
3. Ahoana no fomba hanarahako ny ohatry ny "Andriamanitra malala-tanana."

**Vakiteny fanampiny**: *Ny fitsipiky ny fiainana* - Mankalazà an'Andriamanitra – Ny fahasoavana.

Ny Andriamanitsika dia Andriamanitra malala-tanana. Ny fivavahana rehetra lazaina fa kristianina sy ny fitantanam-piainana kristiana rehetra dia mifototra amin'ny fahalalana sy ny finoana izany; Ny Andriamanitsika dia Andriamanitra malala-tanana. "Andriamanitra dia fitiavana" no hita ao amin'ny zava-mananaina rehetra izay nomen'Andriamanitra antsika eto amin'ity tany ity. Ny asa famoronana ihany dia manambara amin'ireo izay mangilan-tsofina fa Andriamanitra dia fitiavana ary mpanome maimaimpoana ny fanomezam-pahasoavana lehibe izay ahitana ihany koa ny fiainana.

1. Ao amin'ny Genesisy 1, dia milaza ny Baiboly fa Andriamanitra no namorona izao tontolo izao sy izay rehetra ao aminy, ary avy eo dia nijery ny zavatra izay efa nataony Izy. Vakio ny Genesisy 1: 31, ary fenoy ny lahatsoratra. "Hitan'Andriamanitra izay rehetra-nataony, ary, indro, ……………
………………………………………………………………………………………………….....

Ao amin'ny asa famoronana, dia nanambara ny karazana olona naha-izy Azy Andriamanitra. Namorona ny lehilahy sy ny vehivavy Izy satria te-hizara ny tontolony niaraka tamin'izy ireo. "Fitiavana tsy manam-petra – lehibe dia lehibe tokoa izany! Nanao an'izao tontolo izao Andriamanitra mba hanitarany ny lanitra. Te hamorona fianakaviana maranitsaina Izy

2. Raha eo ampamakiana ny 1 Jaona 4: 8 ianao, mieritrereta an'Andriamanitra, ary dia manorata fehezan-teny izay milaza ny zavatra inoanao momba an'Andriamanitra sy ny mombamomba Azy. "Ny fanahin 'ny fahalalahana dia fanahin'ny lanitra"

3. Nizara ny hery famoronany Andriamanitra raha nanao antsika ho lahy sy vavy (Genesisy 1: 27, 28). Izany no fomba hahafantarantsika fa manana Andriamanitra malala-tanana, manome malalaka sy be fitiavana. Hoy ny ao @ Genesisy 1: 26 manao hoe: "Andeha Isika hamorona olona tahaka ny ------------ araka ny ----------- ary ---------- -------- amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany. "Amin'ny fomba fiteninao manokana, soraty izay dikany hoe

fanapahana araka ny fahalalanao.

4. Ahoana no halalantsika fa tia antsika Andriamanitra? Satria noforonony ihany isika na dia fantany aza fa hanota ny olombelona ary hitondra alahelo ho an'izao tontolo izao. Ary satria hatramin'ny voalohany dia nanana drafitra mba hamonjena antsika amin'ny ota Izy. Ao amin'ny Apokalypsy 13: 8, i Jaona dia milaza fa ny Zanakondry izay "voavono hatramin'ny ……………… zao tontolo izao."

Raha tsy efa mahatsapa tanteraka isika ny fomba fifandraisana marina misy eo amin’ny asa famoronana sy ny fanavotana vao afaka hahatakatra ny toetran'Andriamanitra. "Ny asam-pamoronana dia fanehoana ny fitiavany, fa ny fanomezam-pahasoavana avy amin’Andriamanitra ho famonjena fotsiny ny taranak’olo-meloka sy rava, dia maneho ny halalina sy tsy misy fetra ny fitiavana sy ny fagoraham-pon'Andriamanitra.

5. "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao --------- ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay (Jaona 3:16).

Andriamanitra no mpanome fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra omaly, anio ary mandrakizay. Andriamanitra dia manome ny tsara indrindra foana amin’ny fananany. Ny fanomezana ny zanany Jesosy Kristy, mba ho faty ho an'ny olombelona - dia ohatra ny sorona izay tsy ho vitan’iza n’iza mihitsy.

6. Vakio ny Hebreo 10: 5-7, ary fenoy ity lahatsoratra ity. Hoy i Kristy: "Ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hohanina tsy mba nilainao, Fa tena no namboarinao ho Ahy; ……………………… ……………………………………………………………………… tsy sitrakao; Dia hoy Izaho: Inty Aho tonga ………………………………………………………………………. Andriamanitra ô".

7. "Ny zavatra rehetra dia noraisin’i Kristy avy amin'Andriamanitra, fa nalainy izany mba ho zaraina ------------- Izany no sorona an-tsitrapo. Azon'i Jesosy natao ny nijanona teo anilan’ny Rainy --------- Fa nisafidy ny ------------- hidina avy any amin'ny seza fiandrianany rehetra Izy- mba hahafahany mitondra fahazavana ho an’ireo izay ao amin’ny fahamaizinana ary fiainana ho an’ireo izay eo an-dalam-pahaverezana.

Eritrereto ny halehiben'ny fitiavana nasehon’'i Kristy raha nidina niala teo amin'ny seza fiandrianany any an-danitra Izy mba hanandratra antsika hivoaka ny fahamaizinana izay nomanin' i Satana ho antsika.

8. Vakio ny Romana 5: 8 mba hahitana hoe inona hoy i Paoly ny momba ny fanomezana lehibe indrindra nomen'Andriamanitra ny olombelona. "Fa Andriamanitra mampiseho ny ………………. antsika, fa fony mbola mpanota isika, ………... antsika i Kristy."

9. Ny Kristianina voalohany nipetraka tany Makedonia dia niaina tao anatin’ny fahantrana lehibe sy ny krizy ara-toekarena. Nisy ady telo teo amin'ny tany, ary dia nizaka ny vokatry ny mosary nanerana ny firenena izy ireo.

Fa na dia teo aza izany, dia nanaiky ny fanomezam-pahasoavan’ny famonjena ao amin'i Jesosy Kristy izy ieo. Tamim-pifaliana lehibe no nanao zavatra mahatalanjona ho setrin'io fanomezana io ny Kristianina tao Makedonia. Vakio ny 2 Kor. 8: 1-7, ary dia lazao:
- Ny zavatra nataony
- Nanao ahoana ny fahatsapany

- Inona no ezaka nataony

Ny fanatitra avy amin'ny fo izay tia, dia mahafinaritra an'Andriamanitra ny manome voninahitra azy, manome Azy ny fahombiazana ambony indrindra eo amin'ny asa fanompoana ho Azy. Raha toa ka efa nanome ny fontsika ho an'i Jesosy isika, dia hitondra ny fanatitsika ho Azy koa isika. Ny volamena sy volafotsitsika, ny fananantsika sarobidy indrindra eto an-tany, ny fahafoizan-tenantsika ambony indrindra ara-tsaina sy ara-panahy-panahy, dia ho voatokana malalaka ho an'Ilay efa tia antsika ka nanolotra ny tenany ho antsika (Ilay fitiavana mandresy, p. 65).

Rehefa mamaky ity fanambarana ity ianao, ahoana no fomba hamalianao ireo fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra ho anao?

"Tsy afaka manome afatsy izay azontsika avy amin'I Kristy fotsiny ihany isika, ary tsy afaka mandray afatsy izay araky ny nomentsika ho an'ny hafa isika.

Ary raha manohy manome isika, dia hanohy handray; ary arakaraky ny hanomezantsika betsaka ho handraisantsika betsaka. Ary amin'izany dia afaka hanam-pinoana, fahatokiana, fandraisana ary fanomezana tsy tapaka isika.

10. Ny ohatra ho an'ireo mpino tao Makedoniana dia ny fanomezam-pahasoavana tsara indrindra avy amin'Andriamanitra, ny haren'ny famonjena ao amin'i Jesosy Kristy. Mariho izay lazain'ny Soratra Masina: " Fa fantatrareo ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza Izy, ……………………….. , mba hampanan-karena anareo ny alahelony." 2 Kor. 8: 9

Ekenao ve ny fanomezam-pahasoavan'ny famonjena mahafinaritra ao amin'i Jesosy Kristy? Ao amin'ny halehiben'ny fitiavany, Andriamanitra dia nanome anao be dia be. Manorata fehezanteny mba hilazana ny fomba hamalianao ny fitiavany

Ekenao ve ilay famonjena lehibe atolotr'i Jesosy Kristy? Noho ny alehiben'ny fitiavany, dia nanome anao ny zavatra rehetra Andriamanitra. Manorata fehezanteny iray mba hanehoanao ny fomba hamalianao ny fitiavany.

**Fanoloran-tena sy vavaka :**